REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Talata 14 novambra 2023 – Lapam-panjakana Mahazoarivo*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Mahazoarivo androany Talata 14 Novambra 2023 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, ary natrehin'ireo Minisitra isan-tokony sy ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Talen'ny Kabinetra ary ny Tale misahana ny raharaha araka ny lalàna eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

### MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny handraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Fivoriambe faha- 173 an'ny Birao Iraisam-pirenena ho an'ny Fampirantiana na ny antsoina hoe « *Bureau International des Expositions (BIE)* » izay hatao ny faha 28 novambra 2023 izao ao Parisy any Lafrantsa.**

Mandritra io fivoriambe io indrindra no hanatanterahana ny fifidianana izay Firenena hampiantrano ny Fampirantiana maneran-tany na ny "*Exposition Universelle* » amin'ny taona 2030. Amin'io fotoana io ihany koa no hifidianana ireo izay ho mpikambana ao anatin'ireo Komity samihafa hiandraikitra ny fikarakarana an'izany hetsika izany.

### MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hanomezana sorabola fanampiny ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana mba hahafahany mandoa ny tambin-karaman'ireo mpiantsehatra mandritry ny fanatontosàna ny fifidianana ho Filoham-pirenena amin'ny 16 novambra 2023 izao.**

Io sorabola io dia natao handoavana ny tambin-karaman'ireo *Préfet/Préfet de Police*, Lehiben'ny Distrika, Lehiben'ny Boriborin-tany na Délégem-panjakana, Sefo Fokontany ary ireo Mpitan-tsoratra ara-teknika. Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2023-865 tamin'ny faha 11 jolay 2023 nasiam-panitsiana tamin'ny Didim-panjakana laharana faha 2023- 1397 tamin'ny 13 oktobra 2023, mamaritra ny fombafomba fandaminana ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika, dia anjaran'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny mandoa ny tambin-karaman'ireo sokajin'olona voatanisa etsy ambony ireo. Mahakasika ireo mpiantsehatra hafa kosa dia efa voasoratra ao anatin'ny tetibolan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ny tambin-karaman'izy ireo.

### MINISTERAN'NY ASA VAVENTY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny firosoana amin'ny fanatanterahana ireo asa fanamboaran-dalana eny amin'ny lalam-pirenena RNT18, Faritra Atsimo Atsinanana eo anelanelan'ny PK 60+100 sy ny PK 62+500 ary eny amin'ny lalam-pirenena PK 60+840 (Fiakarana Tsilesy).**

Ireto asa fanamboaran-dalana ireto moa dia voasokajy ho asa maika ary vinavinaina ho telo (03) volana ny faharetan'ny asa.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Noraisina ny Didim-panjakana amindrana ny sorabola mitentina 800 000 000 Ariary avy ao amin'ny tetibolan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola amin'ity taona 2023 ity ho any amin'ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany mba ahafahana manampy ara-bola ny Rafitra entina hisorohana ny tondra-drano eny amin'ny Lemak'Antananarivo na *Autorité pour la Protection contre les inondations de la Plaine d'Antananarivo (APIPA).***

**Natao ny 14 novambra 2023**

Ny Mpitondra Tenin'ny Governemanta,
Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany
**RAMAHOLIMASY Pierre Holder**

Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina mpisolo toerana,
**RAHANTANIRINA Gabriella**